

TORITENY - 13 aogositra 2016

Fanamasinana pretra an'i Jean-Denis RABESON

Androm-pahasoavana, andro lehibe ho atsika tokoa ity andro anio ity, miaraka amin'i Masina Maria isika andro Asabotsy sy roa andro mialoha ny 15 aogositra. Manorina Eglizy olona isika no Eglizy trano, milaza miara-mahita isika fa tsy lavorary izay fanorenantsika izay, maro ny zavatra tsy mety mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra, izay rahateo ny tarigetran'i diakra Jean-Denis izay maniry dia maniry tokoa araka ny témoignage omaly mba hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra satria ny fanatanterahana an'izany no hahafahantsika manorina ny Eglizy. Mialoha an'izao fankalazana ataontsika izao izay hahitantsika mibaribary ny famindrampon'Andriamanitra, matetika aho milaza amintsika fa Andriamanitra miaraka amintsika ny Andriamanintsika, Babantsika izy porofon'izany "vita ny tsodrano hitantsika mibaliaka ny masoandro manambara ny tena fiainana" Matokisa azy isika, izy no fiainana fa isika no be siasia, isika ny mitady ny harena hafa, manompo ny vola, manompo la vanille ka adigna Zagnahary, ampitsiahiviny atsika amin'ity andro anio ity fa "Eto Izaho Ray be famindram-po ka izay manatona ahy homeko fahasoavana"

Ry kristianina havana, ity misy fampianarana mikasika ny anjara toeran'ny pretra, ny anjaram-piainan'ny pretra, ny anjarantsika Kristianina manoloana ny fiainan'ny pretra

Andro lehibe ity anio ity, ny tenin'Andriamanitra dia mampatsiahy antsika an'izany. Ezekielia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany izay vakina mandavantaona androany Asabotsy herinandro faha 19 mandavantaona izay manambara ny fiainana tamin'izany fotoana izany ary izay no anjaran'ny Eglizy sy ny pretra : mitarika ny olona hahafantatra ny sitrak'Andriamanitra, io no atao hoe mpaminany izany hoe tsy araky ny mahazatra atsika satria mahafantatra ny hoavy fa ny mpaminany dia izay olona miombona amin'Andriamanitra no voalohany indrindra.

Fiainan'Andriamanitra ny fiainan'ny mpaminany ka noho ny fiombonany amin'Andriamanitra dia

mahalala ny sitrak'Andriamanitra izy. Raha mahalala ny sitrak'Andriamanitra izy dia mizara amin'ny mpiara-belona na mpitondra izany na amin'ireo entina na amin'ny vahoaka manontolo izay sitrak'Andriamanitra izay mba hahalala ny lalàn-kombana ny vahoakan'Andriamanitra. Ary dia izay no nataon'i

Vakiteny I : *Bokin'i Ezekielia 18,1-10.13b.30-32.*

Vakiteny II : *Heb.*

Evanjely : *Matio 19,13-15*

Ezekielia mpaminany, na efa tamin'ny fotoan'andro taloha aza izany dia mbola hiainantsika koa amin'izao fotoana izao. Indrisy tsy miova isika olombelona raha tsy miova ny fo.

Izay ny anjaran'ny mpaminany, ny Eglizy, ny pretra dia ny hanampy atsika tsirairay hiova fo fa tsy hoe fahotan'ny Ray no mbola fahotan'ny zanaka, samy mandoa ny fahotany fa tsy misy fahotana nolovana. Misy koa milaza fa nolovana ny fahantrana, sanatria izany fa ny fontsika no mahatonga izany.

Nivory izahay Eveka tao Antananarivo ka misy [hafatra nivoaka](#), tahaka an'i Ezekiela mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany no ataonay rehetra koa miteny aminareo.

"Miverena ka mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra ka tsy handoza anareo ny tsy fahamarinana" io indrindra no matetika manimba ny fiainantsika na ny mpitondra izany na ny atsika entina na ny amin'ny fiainana andavanandro, manjaka ny fitapitaka. Ny vola no zary Andriamanitra amin'izao fotoana izao, ny vola no manjaka ohatra ny "la vanille" io no mibaiko atsika fa tsy ny saintsika, ka na ny zaza tokony beazina dia hita fa lafo loatra ny kongresy homanina ho azy ireo nefa ny labiera tsy mampanahy atsika ny mividy azy na 100 000. Raha tsy mibebaka isika dia hiharatsy ny fiainantsika na dia atao 40 millions aza ny vidin'ny "la vanille" satria fa ny vola fa tsy ny fihavanana na Andriamanitra no tompointsika ka mila fibebahana isika.

Izay ny miandry ny pretra, ianao izay vao hamasinina : hampibebaka, hampafantatra aiza no Andriamanitra tompoina, izay no nataon'i Ezekiela mpaminany. Tsy isika no nifidy an'io vakiteny io fa io no voatokana amin'ny androany. Ka raha tsy mibebaka isika, miverina ao amin'Andriamanitra ny fontsika dia hiharatsy ny fiainantsika izany hoe tsy sambatra isika.

Tahaka ny ao amin'ny vakiteny faharoa izay nosafidin'i Jean-Denis : "Aoka ny sitraponao no tanteraka fa tsy ny ahy", ny sitrapon'Andriamanitra dia ny hahasambatra atsika, ny hijoroantsika amin'ny marina. Voalaza ao amin'ny vakiteny faharoa teo fa ny mpisorombe no manao an'izay fa isika rehetra dia mitondra ny soron'Andriamanitra ka tsara .

Ry Kristianina havana mba mandinika isika inona no tian'i Kristy ambara amin'izay hoe mpisorom-be, mpiandry ondry tsara?

Dia ny mba hamonjy ireo vahoaka voalaza teo, tahaka nataon'ny Ezekiela mpaminany, izay no andrasana amintsika fa indrindra amintsika pretra ary ampatsiahivin'ireo vakiteny androany.

Ry Kristianina havana, ry diakra Jean-denis tamin'ny témoignage nataonao omaly dia ny lasa no niverimberina izay nentinao namaliana ny antson'Andriamanitra no nasongadinao izany hoe izay novelomanao ny vocation, tsy voalazanao firy izay fiainana miandry anao, ahoana ny fomba hiainanao an'izay sitrapon'Andriamanitra izay ka androany dia hanampy anao aho ary hanampy atsika jiaby satria fantatry ny sekoly jiaby izay fa indrindra isika tanora fa niany ny hoavy fa tsy amaray mompera ka androany no hanatanterahanao ny sitrapon'Andriamanitra izay fa amin'ny fomba ahoana àry ? ary ho atsika koa satria tsy izy irery no maha Eglizy ny Eglizy fa isika tolagna : pretra, lahika ary ireo voatokana. Isika no manatanteraka miaraka amin'ny mompera izay sitrapon'Andriamanitra izay hahazoantsika ny fiainan'Andriamanitra araka ny voalazan'ny taratasin'i Hebrío. Niaina an'izay sitrapon'Andriamanitra izay i Kristy ka amin'ny alalan'izay koa no hazahoantsika ny fiainana fa raha tsy ao amin'izay araka voalazan'i Ezekiela mpaminany na dia hankalaza ny faha-60 na 100 taona fahaleovan-tena isika, raha izao fiainantsika tsy miova dia mikorisa fahana na dia mpitondra iza no apetraka eo na fitondrana inona, tahaka izay koa na isika mahazo fanampiana sy vola, na miakatra be ny vidin'ny "la vanille" raha mbola tsy miova ny fontsika sy ny fiainantsika dia mikoroso fahana hatrany ka potika.

**Inona marina moa ity mpiandry ondry tsara manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ?
maro ny azo lazaina amin'izay fa raha telo no ampitsiahiviko amintsika amin'ny andro niany ity.**

1- Ny mpiandry ondry tsara dia mahalala ny ondriny izany hoe tsy maintsy manana fifandraisana amin'ny ondriny ny mpiandry ondry. Araka ny voalazan'ny Papa Ray masina : "Tsy fofona ranomanitra avy ivelany ny fofona heno aminao mpiandry ondry fa fofon'ny ondrinao" izany hoe miaraka mitakosona aminy, miaraka miaina aminy. I Kristy tonga olombelona izay ny mpiandry ondry, tsy Andriamanitra lavitra ka sao amin'ny birao ianao fa misy fifandraisana na dia anatin'ny birao.

Eto kosa ry Kristianina havana, tandremo sao dia isika indray no zary fakam-panahy amin'ireo pretrantsika. Raha omenareo raha mamono azy izy ohatra ny toaka (tsy misy olona velogno toaka) ka tandremo omentsika ny raha mamona na dia tsara ny mifandray fa ny mamelona no tsara. Mahalala ny ondriny izy ary ny ondry mahalala azy ka samy tokony mahafantatra isika fa eto ny limite ny pretra amin'ny maha pretra azy sy ny limite ny lahika amin'ny maha lahika azy ka aza misabaka, tsy possible no sady lahika no pretra, sady manambady no pretra fa tsy maintsy misy ny limite. Mahalala ny ondriny izy ary ny ondry mahalala azy, izay ny mpiandry ondry ary ao anatin'ny fahamarinana araka ny voalaza amin'ny bokin'i Ezekiela mpaminany.

Marina samy mpanota isika amin'ity tany ity, miloloha lanitra ka mety ho lena mandia tany ka mety ho solafaka ka izay ny mahatonga atsika mifanohintohina sy mifanohantohana satria samy mahalala ny limite. Mifanohantohana izany hoe manampy, mifanohintohina dia mampitandrina : ohatra milaza amin'ny pretra hoe : tandremo fa ohatry ny lasa lavitra anao izany ? miverenà fa tsy io ny lalana ary ny pretra koa mampitandrina hoe : tandremo fa simba ny tokantranonao raha io no atao. Mifanohintohina ary mifanohantohana, izay no mahalala ary miankina amin'izay, izay ny mampianatra sy mifananatra.

2- Ny toetra faharoa izay mifameno amin'izay koa, tahaka an'i Kristy mpiandry ondry tsara dia mahafofy ny ainy amin'ny ondriny. Naheno tamin'ny mompera iray aho : nahatara anay dia mbola nisy marary tamin'ny alina ka voatery izahay nandeha tany ary ny aotomobilina "en panne" ka lasa taraiky izahay tsy nahatratra ny programme omaly hariva, tsimandrimandry fa tonga maraina izao. Mahafofy ny ainy ho an'ny ondriny tahaka an'i Kristy hitantsika mifantsika amin'ny lakroa izany hoe ny fiainan'ny ondriny no fiainana ifantsihany mpiandry ondry tsara ka mamelona izy mamelona ny ondriny.

Raha nampianatra anay eveka ny Nonce ny atao hoe mpiandry ondry tsara tamin'ny fivorianay farany teo dia hoy izy : marary ary efa ho faty Madagasikara amin'izao fotoana izao ka anjaranareo eveka no manome aina hamelona an'ity Madagasikara ity.

Izany tokoa ianao mompera Jean-Denis, hamelona isika fa tsy hamono, tsy ianao no hikiky ny ondrinao ka maty izy amin'ny alalan'ny risoriso sy ny fitapitaka fa mamelona azy amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny sakramenta ianao sy hikorokoro azy.

Ampiantsika àry izy ry Kristianina havana, ampio ny pretrantsika. Sarotra ny raharahan'ny pretra, sarotra ny fiainana ary ataoko fa na manambola ny mpanao mariazy tsy misy olona maro be tahaka izao ny mamonjy mariazy nefa maro isika mamonjy an'izao fankamasinana pretra izao mivavaka

satria fantatsika fa sarotra ny raharaha maha-pretra. Ny hazo no vanon-ko lakana ny tany nariany no tsara, mila vavaka ny pretrantsika mba hahafoy ny ainy, hahatonga azy ireo ho mpiandry ondry tsara. Izay no mahatonga ahy milaza matetika ary mbola averiko eto : aoka isika fianakaviana tsirairay manangana am-panahy pretra iray ka hivavaka ho azy. Mbola havaozina ny sary misy ny pretra rehetra miaraka amin'ny anarany tsirairay ka alefa ho anareo Eglizy iraka mba hahafahanareo mahalala ireo pretrantsika. Havaozina isan-taona satria misy ny pretra vaovao, misy ny mifindra toerana ary manasa atsika indrindra hanavao ny risim-pontsika hivavaka ho an'ireo pretrantsika satria sambatra ny Eglizy manana pretra masina satria masina izany Eglizy izany ary masina ny fianakaviana.

Fantantsika fa matoa mangozohozo ny fiainan'ny Eglizy anankiray satria mety misy olana ny pretra, misy aza ny taratasy tonga amiko avy aminareo milaza : alefaso an-toerankafa fa tsy mety ny pretra ato aminay. Hoy aho aminareo : ny "raha" marary aminareo aza afindra an-toerankafa ny aretina tao fa Ampio izy ho masina fa tsy ny famindran-toerana no fanafodiny. Tsaboy ny pretrantsika amin'ny alalan'ny vavaka, aoka hifankatia isika. Mitovy amin'izany koa isika pretra mpirahalaha, misy ny milaza fa tsy mahatanty ny fiarahana amin'ny pretra namany ka mangataka azy hafindra, tsy izay ny fanafodiny fa aoka hahafoy ny ainy. Mety milaza ianareo raha mahafovy ny ainy dia maty ny Eglizy io, fa mino aho raha tena fahafoizana araka ny voalazan'i Ezekielia mpaminany sy araka voalazan'i Kristy dia ho voakarakara izy ary fantaro fa karakarain'i Jesoa ireo zaza.

3- Ny mpiandry ondry tsara mivavaka ho an'ny ondriany : Rehefa hamasinina diakra dia manao fanomezan-toky ireo frera fa hanao "bréviaire", mbola fahotana ny tsy manao breviaire toy izay tsy manao lamesa. Isika Kristianina dia mahita raha misy mompera tsy eo, afaka manao lamesa any ambadika izy. Tsy maintsy manao bréviaire ny pretra.

Inona ny dikan'izay ? Tsy maintsy mivavaka ho an'ny ondriany ny mpiandry ondry tsara amin'ny alalan'ny breviaire, amin'ny alalan'ny lamesa. Mitondra ny vavaky ny vahoakan'Andriamanitra ary izany no amporisihina amintsika mba hazoto hamonjy vavaka maraina satria telo na efatra foana no tonga mamonjy izany, koa enga anie isika mba hazoto alohan'ny lamesa tonga mamonjy ny vavaka maraina.

Ary raha mivavaka ho an'ny vahoaka ny pretra dia ny vahoaka mivavaka ho azy. Mila tahaka izany isika mivavaka ho an'ny ondriantsika mba hiombona amin'Andriamanitra ka amin'izay hiroso amin'ny Eglizy Olo nolazaintsika teo. Tsy mora ny manorina Eglizy trano fa mbola sarosarotra kokoa ny manorina Eglizy olona, anjaran'ny mpiandry ondry sy ny mpisorombe izany araka ny voalaza tamin'ny taratasin'i Hebrio tahaka ny nataon'i Kristy ho an'ireo zaza. Hametrahana tàmàna ianao anio Jean-Denis ka aoka mba hametra-tàmàna amin'ireo zaza izany hoe :

Ry Jean-Denis zandry malala, mijery anao anie ny olona rehetra ary izay ny nahatongavany eto. ary niany ny hoavy fa tsy rahampitso. Inona ary ny iandrasany aminao ?

Ny andrasany aminao mba ho modely ianao ho mpiandry ondry tsara izay no azo amintinana ny voalaza rehetra teo fa indrindra ny ankizy izay hanao kongresy ato ho ato miandry anao izy ireo. Mijery anao ny olona satria very fanahy mbola velona araky ny voalazan'i Ezekielia amin'ny vakiteny voalohany, very fanantenana ny ankamaroan'ny olona fa indrindra ny tanora ary betsaka noho

izany fahaverezana fanantenana izany mitady nofinofy amin'ny alalan'ny sigara be. Mijery anao ny ondrinao ry mompera Jean-Denis, mijery atsika sy ny Eglizy katolika ny olona jiaby mba hanome fanantenana, aim-baovao. Izay indrindra ry Jean-Denis araka ny voalazan'ny Papa tamin'ny tanora : "Chers jeunes, sachez que le Seigneur Jésus n'est pas le Seigneur du confort et de la commodité". Tsy mila divan hijerena télévision zagnahary e, tandremo mompera n'ny divan ka mijery télévision maraina sy hariva fa mompera mikatroka amin'ny fiainana. Tohizan'ny Papa : "pour vivre cela, il faut avoir un dosage certain de courage" mila an'izany hery izany, mety hiteny ianao hoe sarotra izany ary natao ho an'olona vitsivitsy. Izany dia natao ho an'izay manaiky ny sitrapon'Andriamanitra ka havaozin'ny Fanahy masina. Izany indrindra hoy Papa Ray masina, rehefa manao baolina tsy mila mpisolo aho, ka izay koa no ataoko aminao ry Jean-Denis : rehefa manao mompera tsy mila "remplaçant" isika fa olona hikatroka, olona « titulaire », olona mahalala ny ondriny, olona mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny ary olona mivavaka ho an'ny ondriny mba hiala amin'ny zavatra mamatopatotra azy ny vahoaka ka hitondra amin'ny tena fianana, hahazo ny hasambarana ao amin'i Kristy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarason